Fiainana ara-politika

Zatra maka tahaka ny fitondrana Rajoelina

3

Tononkira

FETINAO ANDROANY

Narisoa

4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 10 aogositra 2021 Laharana 1193 Vidiny : 400 Ar

Antananarivo Renivohitra 6

Hiakatra fitsarana indray i Clémence anio noho ny fitorian'ny CUA

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Faha-2 taona ny RMDM ao amin'ny Magro Behoririka 2

Afaka tonga avokoa ny olon-drehetra tsy ankanavaka anio

Vakisinin'ny ady amin'ny coronavirus 2

Sadasada ny fihetsiky ny fitondrana Rajoelina

Raharaha Apollo-21 5

Misy ady tombontsoa henjana ao an-dapa ao

06 aogositra 1896 – 06 aogositra 2021 2

125 taona aty aoriana mbola voazanaky ny Frantsay isika

Fitaterana an'habakabaka 7

Mbola mikatona ny sisintany, tena sahirana ireo mpandraharahan'ny fizahantany

Lalao Olympika Tokyo 2021 5

Etazonia no laharanaa voalohany nahazo medaly be indrindra

Daka kely

lalahy mihitsy kay no tena mpampiesona fa tsy ilay taloha ry Boaikely a !

FAHA-2 TAONA NY RMDM AO AMIN'NY MAGRO BEHORIRIKA

Afaka tonga avokoa ny olon-drehetra tsy ankanavaka anio

Hankalazaina anio 10 aogositra 2021 ny faha-2 taona nijoroan'ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, izay tarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana. Ho fanomanana izany, nanadio ny tetsy amin'ny Magro Behoririka, toerana hanamarihana izao tsingerin-taona izao, ireo mpikatroka ao amin'ity vovonamben'ny mpanohitra eto amintsika ity. Nambaran'ny filoha lefitry ny RMDM avy amin'ny Faritanin'i Toliara, Pasitera Edouard Tsarahame nandritra izany, fa afaka tonga amin'izao fanamarihana izao avokoa ny olona rehetra tsy ankanavaka, eny fa ny solontena avy amin'ny fitondrana aza. Fantatra ihany koa fa hisy ny solontena avy amin'ny RMDM Diaspora hiatrika izao fanamarihna ny faha-2 taonan'ny RMDM izao, ho tonga ihany koa ireo solontena maro avy any amin'ny Faritra. Hisy fanentanana samy hafa anio ao amin'ny Kianjan'ny Finoana Magro Behoririka, hiarahana amin'ireo mpanakanto, vavaka iraisam-pinoana ho fiderana Ilay Nahary, laha-

teny isan-karazany,… Ny masoandro hilentika anio no hampalahelo etsy Behoririka.

Isambilo

06 aogositra 1896 - 06 aogositra 2021

125 taona aty aoriana, mbola voazanaky ny Frantsay isika Malagasy

Vaninandro manana ny toerany eo amin'ny tantaran'ny firenena ny 06 Aogositra 1896, sy ny 06 Aogositra 1946 ary ny 06 Aogositra 2021.

06 aogositra 1896 : Lasa zanatany Frantsay i Madagasikara

Raha tsiahivina ny tantara dia lasa tany teo ambany fiahian'ny frantsay (protectorat français) i Madagasikara ny 01 Oktobra 1895, taorian'ny tifi-tafondro nataon'ny tafika frantsay niainga teny Andrainarivo ny 30 Septambra 1895 dia voatery nampanangana saina fotsy ny tao Anatirova, ny ampitso 01 Oktobra 1895 no nosoniavina ny naha-protectorat français an'i Madagasikara. Ny dikan'ny protectorat français dia mijanona eo amin'ny seza fiandrianana ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo, saingy tsy manana fahefana intsony, nesorina ny Praiminisitra Rainilaiarivony ary nosoloina an'i Rainitsimbazafy,ny tena tompon'ny fahefana dia ny Résident Général dia ny Jeneraly Duchesne, izay nodimbiasan'i Laroche taty aoriana.

Nihetsika ny "Menalamba", ireo tia tanindrazana malagasy nanohitra ny vazaha nanomboka ny 22 Novambra 1895, sahirantsaina ny mpitondra frantsay satria nahery tosika ny "Menalamba", voatery tsy maintsy nanapakevitra ny mpitondra tany Frantsa, fa tsy maintsy atao zanatany tanteraka i Madagasikara, ka ny 20 Jona 1896 dia lany tao amin'ny Antenimierampirenena frantsay ny lalàna nametra ny nahazanatany frantsay an'i Madagasikara na « loi d'annexion » ary nankatoavin'ny Antenimierandoholona frantsay io lalàna io, ka ny 06 Aogositra 1896 no navoaka ilay lalàna.

Ny governora Frantsay teto Madagasikara tamin'izany fotoana izany, ny jeneraly Galliéni.

Voalaza tao anatin'io lalàna io fa foana ny protectorat français ary lasa zanatany frantsay tanteraka i Madagasikara: colonie française, miala ny « Résident Général » Laroche, ny Jeneraly Galiéni no nisolo azy, ka « Gouverneur Général » no anarana nisalorany, nanomboka teo no nisy ny fiantsoana hoe Governora, vao mainka nohamafisina ny tsy fananan' ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo fahefana, nofoanana ny toeran'ny Praiminisitra Rainitsimbazafy, ary ny vazaha no nifehy tanteraka ny tany, ny fitantanana rehetra na ny sivily na ny miaramila.

06 aogositra 1946 no nitsangana ny PADESM

Vao vita ny ady lehibe faharoa dia nitsangana ny Firenena Mikambana ary nifanaraka ireo firenen-dehibe nanangana azy io fa tsy maintsy havosotra ireo zanatany, satria nahavita be tamin'ny fanampiana tamin'ny fiatrehan' ireo firenen-dehibe ny ady lehibe anankiroa (1914-1918) sy (1939-1945). Nahafantatra izany ireo manampahaizana malagasy, ka nivonona nitaky ny fahaleovantena tamin' ny fomba nilamina. Natsangan'ireo tia tanindrazana malagasy tany Paris ny « MDRM », na « Mouvement Democratique pour la Renovation Malgache » ary nahazo fankatoavana avy tamin'ny Minisiteran'ny Atitany frantsay ny 22 Febroary1946.Vao nitsangana io MDRM io dia nahazo ny fon'ny malagasy ary maro ireo nirotsaka ho mpikambana. Raha nahita ny firoboroboan'ny MDRM ry zareo vazaha dia nanapakevitra hampanangana antoko hifampitana amin' ity antokon'ny tia tanindrazana ity.

Ny 06 Aogositra 1946, nahafeno dimampolo taona katroka ny nahazanatany an'i Madagasikara no najoro ny PADESM na ny (Parti des DESherités de Madagascar), ka ireo taranaky ny Maintienindreny avy eto afovoantany no nitarika ny PADESM avy eo dia nanatevin-daharana ny avy any anindrantany, ny tanjon'ny vazaha dia ny hampiady ny MDRM sy ny PADESM arak'ilay teny filamatry ny frantsay hoe « Zarazarao hanjakana ».

06 aogositra 2021, efatra andro lasa izay

Niverina ny tantara satria feno 125 taona katroka ny Zoma 06 Aogositra 2021 ny nahazanatany an'i Madagasikara, ary dia tsy tahotra tsy henatra ireo olon'ny fitondrana ankehitriny, fa niseho fahitalavitra tamin'io andro io notarihan'ny Governoran'ny faritra Analamanga niampy governora enina hafa, ny tiana ambara amin' izany dia nomen'ireto olon-dRajoelina ireto lanja ny anarana hoe « Governora », izay nosaloran'i Galieni ary efa nampiasain'ny fitondrana Ratsiraka ihany koa io, niantsoana ireo lehiben'ny faritany mizaka tena.

Tamin'io Zoma 06 Aogositra 2021 ihany koa no tsingerintaona faha-75 nijoroan'ny PADESM, izay notarihan'ireo Maintienindreny avy eto an-tanàna, dia nifanasa vangy nifanalabaraka ireo mitonona ho Maintienindreny tarihan'ny Depiote Rossy sy ny Vondron'ny ambany tanàna tarihan'ny Filohan'ny Hafari Malagasy Rafanomezantsoa Jean Nirina.

Ny tantara dia tsy azo ovana sady natao hakana lesona, ankehitriny dia tokony hiray hina ny vahoaka malagasy, satria vao mainka mahazo laka ny tetikadin'ny vazaha manao hoe : "zarazarao hanjakana" ary ny vanimpotoana iainantsika izao dia tsy fotoana tokony hifanenjehana intsony toy ny filazana hoe itsy taranaka Mdrm ary iretsy taranaka Padesm, satria voaporofo fa ny Kolonely Ratsimandrava dia zanaka Padesm kanefa dia nahavita be teto amin'ny firenena, toy ny namerenana ny rafitra fokonolona, mbola zanaka Padesm koa ny Mompera Remi Ralibera kanefa dia iaraha-mahalala ny fahasahiana nananany niady nanohitra ny sivana tamin'ny Repoblika faharoa, etsy andaniny ny Zoma 06 Aogositra 2021, dia nijoro niaro fatratra ny fitondrana tsy mahomby ny zanaka Mdrm, governoran'ny faritra iray eto amintsika, niaraka niseho fahitalavitra tamin'ny Governoran'Analamanga.

Ny azo lazaina eto ampamaranana dia mbola manjaka ny fanjanahantany 125 taona aty aoriana ary vao mainka mahazo vahana hatrany ny « Zarazarao hanjakana » napetraky ny vazaha.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Vaksinin'ny ady amin'ny coronavirus

Sadasada ny fihetsiky ny fitondrana Rajoelina

Ity volana aogositra ity no nambara fa hahatongavan'ny vaksiny andiany faharoa amin'ny vaksiny covishield, raha toa ka efa tonga ny vaksiny hafa andiany voalohany. Izany hoe, ampiasaina eto amin'ny firenena ny karazam-baksiny samihafa atsindrona ny vahoaka. Asa raha mbola hisy karazany hafa ihany koa hafarana indray ho hampiasaina eto, indrindra tamin'ny nilazana fa afaka manao izany ny sehatra tsy miankina. Ny fantatra araka ny fampitam-baovao ofisialy, dia tsy nihoatra ny roa hetsy ireo olom-pirenena nitsindrona ny vaksiny andiany voalohany tamin'ny volana jona iny raha 250000 no nafarana. Izany hoe tsy lany ny daozim-baksiny nafarana tamin'io. Hanao ahoana ny faharisihan'ny vahoaka hitsindrona ilay vaksiny karazany faharoa ity, izay fantatra fa maherin'ny telo hetsy no tonga ? Hatreto aloha izany dia tsy mbola ny antsasaky ny vahoaka malagasy no hisitraka izany, ary tsy mbola fantatra ny fotoana hahatratrarana izany.

Tsy afaka hilaza ny fitondrana fa resy lahatra amin'ny fanafarana vaksiny iadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus, ary nomena safidy ny vahoaka amin'izay karazam-baksiny tiany hatsindrona azy. Manaporofo izay, ny tsy nahenoina mihitsy teny fanentanana momba izany avy amin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina na ny Praiminisitra. Ireo anefa no fandrefesana izany. Azo lazaina izany, fa mandeha tsy sazoka na voatery ny fitondrana hiroso amin'ity fanaovam-baksiny ity. Ny any ivelany, anefa maro ny mpitondra mamporisika mafy mihitsy amin'ny alalan'ny fomba fanentanana isan-karazany, tonga hatramin'ny fanaovana fifaninanana fisarihana dia tolorana loka izay tsara vintana, ary amin'io loka goavana mihitsy. Misy koa aza, toy ireo firenena maromaro ao Eoropa, manery mihitsy ny vahoaka ao aminy toy ilay adihevitra be any an-toerana amin'ny resaka « pass sanitaire ». Tsy afaka hilaza velively koa anefa ny fitondrana eto amintsika, fa hoe omena fahalalahana ny vahoaka fa tany demôkratika isika. Iaraha-mahita tsara sy miaina ny fanaovan'ny fitondrana z'inona io demôkrasia io, izay mody lazainy fa tany demôkratika i Madagasikara amin'ny fisian'ireo antenimiera roa. Familiviliandresaka atao amin'ny vahoaka fotsiny anefa izany. Tsy tokony hadinoina, fa misy koa anefa ireo olompirenena tsy vonona mihitsy ary tsy resy lahatra hanao vaksiny na inona karazany tonga eto amintsika na inona. Izany hoe, raha atao indray mijery izany, dia misy karazany roa lehibe ny vahoaka manoloana amin'ny ady amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus, dia ireo manao vaksiny sy ireo tsy resy lahatra amin'izany. Hoan'ireo manao vaksiny indray dia mbola misy karazany ihany koa noho ny vaksiny natsindrona azy. Hisy fiantraikany amin'ny sehatry ny fampandrosoana sy ny hoavin'ny firenena ankapobeny ve izany? Ny ampitso no hamaly izany.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Iriantsoa R.

RAHARAHAM-PIRENENA

Miezaka manamarin-tena hatrany Rajoelina

Mbola mitohy ihany ny filalaovana ny fihetsempon'ny vahoaka ataon'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, izay efa nataony tamin'ny fampielezan-kevitra fony izy kandidà ho Filoham-pirenena. Tsara foana ny mampahatsiahy ny nandalovana teo amin'izany filalaovana ny fihetsempon' ny Malagasy, izay malaza ho olon'ny fo. Nanantena ny rehetra tamin'ny nisafidianan-dRajoelina Andry, ny Soratra Masina: « Fitiavana no lehibe indrindra » 1Korintiana13 : 13, fa tena olon'Andriamanitra tokoa izy ka azo antoka fa hanao ezaka hampifankatia ny mpiray Firenena aminy izy rehefa tonga eo amin'ny toerana. Tsara marihina aloha fa notsongaina tamin'io andininy io ny tapany farany izay manao hoe "Fa ny fitiavana no lehibe amin' ireo". Fanao ny mandray ny voalohany na ny farany na ny eo am-povoany ao amin'ny andinin-tsoratra Masina, fa tsy azo atao velively ny manova izany. Efa nanaitra ihany ny zavatra nitranga tamin'ny fianianana nataony teo Mahamasina, fa tsy nametraka ny tanany teo amin'ny Baiboly izy. Nentina niarovan-tena moa dia ny nilazana fa tsy azo afangaro ny fivavahana sy ny politika. Tsy mbola nisy fianianana nataon'izay voafidy ho Filoham-pirenena tamin'ireo Repoblika telo sy ny Repoblika faha-efatra andiany voalohany teto amin'ny Firenena tokoa ity nitranga ity. Nanamafy tamin'ny làlana nandalovana hatramin'izay tokoa, fa ny politika no nibahana teo amin'ny fitantanana ny Firenena, ka adilahy politika izay niteraka fifankahalana sy fifandrafiana ary fifanenjehana no niainana. Mifanohitra amin'ny fomba sy fisainana tsy maintsy iainana voalazan'ny Soratra Masina izany. Amin'izao fotoana izao dia nipoitra ny resaka fifofoana ny ain'ny filohan'ny Repoblika dia toa tsy nampihetsi-po ny Malagasy loatra izany tranga izany, satria tsy vitsy no nihevitra fa sarimihetsika izany satria maro loatra ny fanehoan-javatra tamin'ny alàlan'ny horonantsary. Raha ny marina dia tsy mbola manana porofo mivaingana sy azo tsapain-tànana ny maha meloka ireo olona voampanga sy nampidirina amponja ireo. Tamin'ny fiakaran'ny filohan'ny Repoblika an-tsehatra momba ny hamehana ara-pahasalamana ny alahady lasa teo dia nanaitra ny mpijery ny resaka fifofoana ny ainy. Niverina indray ny filalaovana ny fihetsempon'ny Malagasy, ka ankoatry ny nilazany fa noho ny fiarovany ny tombontsoan'ny Firenena ny anton'izany dia nitanisa andinin-tsoratra Masina: "…Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao,…". Ny tsy fantatra dia asa na ny tenin'i Jehovah tamin'i Josoa io na ny tamin'i Davida satria samy hafa ny toe-draharaha niainana sy ny mpifanandrina tamin'ireo olom-boafidin'Andriamanitra ireo. Araka izany dia rehefa milaza Soratra Masina toy ireny dia lazaina ny Boky sy ny Toko ary ny Andininy fa tsy azo tsaigotsaingohana fotsiny. Ny manahirana dia raha nandray fahefana Rajoelina Andry dia nihodina tamin'Andriamanitra satria nahatsiaro fa efa eo an-tànany ny hery sy tanjaka ary voninahitra. Roa taona sy tapany aty aoriana kosa dia mahatsiaro miaina ao anatin'ny fanjakana miady an-trano izy dia mbola miezaka manamarin-tena sy manilika andraikitra amin'ny hafa indray. Tsy vao androany no niakatra tsy nisy fitsaharana ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro (vary, menaka, siramamy,…) ka hanomezana baiko fa tsy maintsy hampidinina ao anatin'ny telo andro. Tsy mahafantatra, angamba, ny filohan'ny Repoblika fa mifampiankina avokoa ny zavatra rehetra, ka mila fehezina daholo ny entimamokatra sy ny fanodinana ny akora ary ny fitaterana ny vokatra. Araka izany dia tsy misy tranga tongatonga ho azy izany, fa mila fantarina avokoa ny dingana sy ny saran'izany vao afaka mamaritra ny tombam-bidiny. Araka izany dia niteniteny foana ny filohan'ny Repoblika raha nampanantena fa hampiakariny avo telo heny ny vidin'ny lavanila satria fakana ny fon'ny tantsaha mpamokatra fotsiny ihany izy. Volana maro aty aoriana, ny mifanohitra amin'izany no mitranga. Sahy miteny sy mijoro amin'ny heviny ny filohan'ny Repoblika fa tsy hanao vaksiny satria, angamba, ny tenany manokana no voakasik'izany fa rehefa toe-draharaha mahakasika Malagasy maro dia hodiany tsy fantatra izay fiantraikany amin' ireo. Tsy misy heviny ny fitiavana sy fiarovana ny Firenena raha tsy mihevitra sy miantoka ny fampandrosoana sy izay mahasoa ny mpiray Tanindrazana izay misoratena ho filohan'ny vahoaka tsy ankanavaka. Tsy sarotra ny manavaka ny setroka sy ny tomany koa "hoy ny Soratra Masina ao amin'ny Matio7: 5 "Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin'ny masonao, ary amin'izay vao hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao".

Andry Tsiavalona

Ny Valosoa sy hadihady

Fiainana ara-politika

Zatra maka tahaka ny fitondrana Rajoelina

Tsy takona hafenina intsony amin'izao fotoana fisasahan'ny fepotoana itondran-dRajoelina Andry izao, ny fivakivakisana eo anivon'ny fahefana isan-tokony. Tsy mbola ao an-tsain'ny filohan'ny fahefana mpanatanteraka hatreto ny hanova ny ekipany izay tsy misy fantatra ny zava-bitan'ny tsirairay ary anaporofoina izany dia tsy misy fivoarana ny fiainam-bahoaka sy ny lafiny toekarena. Tsapa tamin'ny kabarin'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fanokafana ny fivoriana tsy ara-potoana ny talata lasa teo ny tsy fitoviam-pijery sy tsy fitovian-kevitra intsony eo anivon'ny fahefana mpanao lalàna sy ny fahefana mpanatanteraka. Raha ny zava-misy eo anivon'ireo andrimpanjakana roa ireo dia nifamototra tanteraka ny fanatanterahana ny asa satria ny mpanara-maso, fahefana mpanao lalàna, indray no baikon'ny fahefana mpanatanteraka. Entina manaporofo izany ny fandaniana ny tetibola lasitra (LFI) 2021 tamin'ny fivoriana ny faran'ny taona lasa, izay niteraka fifanandrinana mahery vaika teo amin'ny minisiteran'ny vola sy ny vaomieran'ny tetibola eo anivon'ny Antenimierampirenena. Nampanantsoina teny amin'ny Lapan'i Mahazoarivo ny depiote IRD, ka azo lazaina fa nandray toromarika avy tamin'ny Praiminisitra momba ny fandaniana izany tetibola izany. Mazava ho azy, fa nandany ny tetibola koa ny tao amin'ny Antenimierandoholona izay IRD avokoa ny mpikambana ao. Fombafomba ihany koa sisa no nampandalovana izany teo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), na dia tsy azo atao aza ny nataon'ny Fahefana mpanao Lalàna. Tsy mbola nitranga teto amin'ity Firenena ity ny toe-draharaha toy izany nandritra ny enimpolo sy taona iray, namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izay. Tsy mahagaga ihany izany, satria efa zatra maka-tahaka loatra izao fitondrana izao, ka tamin'ny Repoblika II no nisy Andrimpanjakana, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, niala teo amin'ny lapany ary namoaka didy tany amin'ny hotely iray any Mantasoa. Tsapa ihany koa fa efa misy ny tsy fitovian-kevitra sy fifanitsahana andraikitra eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka, ary eo anivon'ny fahefana mpanao lalàna dia mifanipaka ny fomba fijerin'ny depiote amin'ny toe-draharaha politika sy ny fitantanana ny firenena iainana amin'izao fotoana izao. Ny antony dia misy mahatsapa ny depiote, fa tsy mitovy velively ny tetikasa fampandrosoana ataon'ny mpanatanteraka any amin'ny distrika isanisany na dia nolazain'ny filohan'ny Repoblika aza, fa tsy hisy distrika hadino intsony. Sady miteraka lonilony eo amin'ny mpanatanteraka sy ny depiote mahatsiaro voahilika ary miteraka fifandirana eo amin'ny samy depiote ihany koa. Raha ny resaka momba ny « Apollo 21 » no jerena dia toa tsy misy fiaraha-mientana loatra momba ny fanamelohana izany teti-dratsy izany. Marina fa misy miaka-tsehatra ihany manameloka izany tsy dia atao matrakazy be amin'ny haino aman-jery, ka taorian'ny fanakianana natao tamin'ny lehiben'ny fampanoavana izay tokony manome vaovao matetika vao namoaka ireo olona vaovao voasaringotra indray izy ny voalohan'ny herinandro teo. Ka araka ny vaovao dia nisy voapanga nandalo teny amin'ny fitsarana ny faran'ny herinandro teo. Tsy nisy nahazo nanatrika izany satria ny mpitandro ny filaminana no nanemitra ny Lapan'ny Fitsarana, kanefa samy mba te-hahafantatra ny fivoaran'ity raharaha ity ny Mpiray Tanindrazana, satria ny ain'ny filohan'ny Repoblika no lalaovina. Tamin'ny Repoblika II no nisy manamboninahitra ambony ao amin'ny foloalindahy no nandalo fitsarana miaramila noho ny fifofoina ny ain'ny filohan'ny Repoblika. Tsy mbola fantatra moa na fitsarana miaramila no hitsara ireo jeneraly voasaringotra ary fitsarana sivily ho an'ireo olona ivelan'ny tafika. Raha ny lanjan'ny fiantraikan'ity raharaha ity amin'ny fiainam-pirenena anefa no jerena dia tsy tokony hisy hafenina amin'ny vahoaka, fa tsy halefa amin'ny sambon-danitra any amin'ny takona tsy hitan'ny maso any an-danitra any. Araka izany dia tsy mitsahatra ny mitaky ny mangarahara eo amin'ny zava-mitranga eto amin'ny Firenena ny Malagasy.

Andry Tsiavalona

TONONKALO

Aza mba vendrana ihany

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Tsisy zavatra manjary raha ny fomba fitantanany.
Kibo ve no mila vary , vatana no sahozanina,
Dia ny amboarina ho raitra , kianja tsy hihinanan-kanina ?

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Lalan`ny fitiavantena , izay hatrany no andehanany.
Izy mianakavy ihany no misaosy sy miletra,
Fa tsy misy vidiny aminy ireo olo-noana manjoretra !

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Ny orinasa malagasy no hidiany sy sakanany.
Ireo vahiny ratsy fiaina sady tia manjakazaka,
Ireny indray ankehitriny no vao mainka omeny laka !

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Tsy madio fa be tsikoko na ny tongotra na tanany.
Ka na mbola hosasana, na koa handanian-tsavony,
Dia heverina mihitsy ho tsy madion-tsasa intsony !

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Hoerahoera, fidedahana, no mozikam-panentanany.
Ny hakevohana no betsaka, miampy ny filam-boatsiary,
Fa dia taominy handihy hatramin`ny noana sy marary !

Tena ampy ny roa taona hitsarana ny havendranany.
Izao no ora sy fotoana efa tokony hiomanany.
Efa maizina daholo ny habakabaky ny hoaviny,
Ka dia ny mangoron`entana no mety ho an`ny mpianakaviny!

IRINA HO TAFITA (05-08-21)

LOABARIANDASIM-PIRENENA AFK

Hitohy eny amin'ny « Le Pavé Antaninarenina » ny hetsika

Fanazavana momba ny fandrindrana sy fifampivelomana ny indostria sy ny orinasa mampiasa ny hairaha vita malagasy, nisongadina io omaly nandritry ny fanazavana nentin'ny filoha mpitarika ny AFK na Antso Fiarahamonina Kristianina, Andriamparany Ricky, teny Ankorondrano. Voaresaka ny momba ny olana eo amin'ny samy malagasy , ny tsy fitoviana amin'ny sehatra samihafa, ny vahaolana hamahana ny olana toy ny fahantrana, ny tsy fisian'ny asa, ny fomba findramam-bola tsy misy zanany, ny fifandimbiasam-pahefana mila mametraka tanjona sy fanavotana ny firenena, fa eo ihany koa ny fomba fitantanana mahomby hitondrana fampandrosoana marina tsy mifampitsentsitra sy tsy mifanambaka, fa mametraka fiarahamonina misy firaisan'aina sy mampisy firaisan'aina ihany koa. Anisan'ny tanjona ny firenena tsy misy zanak'ikalahafa, ka afaka hitondra fahazavana eto Madagasikara sy any ivelany mihitsy aza. Manana vahaolana amin'izany ny AFK, ary hametraka ilay andry fototra sivy hitondrana fampandrosoana sy fifampitokisana eo amin'ny sehatry ny fitantanana, ka hampiroborobo ny sehatry ny vita malagasy ary handraisan'izy ireo andraikiktra mavitrika amin'ny fampandrosoana ny firenena sy fitantanana mihitsy aza. Santionany ireo, fa hitohy eny amin'ny « Le Pavé » Antaninarenina ny hetsiky ny loabariandasim-pirenena momba ny fampiroboroboana ny indostria sy ny orinasa mampiasa ny vita malagasy sy ny renivola malagasy ihany koa. Misy vahiny manokana hasaina amin'izany, ary mbola malalaka ihany koa ny toerana ho an'izay liana amin'ny hetsika, raha ny nambaran'ny filohan'ity fikambanana ity ihany.

Ny filoha mpitarika ny AFK , Andriamparany Ricky.

Rajo

Valanaretina coronavirus

5 ny tranga vaovao, 24 ny tranga misy fahasarotana



Tarehi-marika momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara afak'omaly.

Tarehimarika nivoaka farany mahakasika ny valanaretina Covid-19 teto Madagasikara afak'omaly 8 aogositra 2021. 211 nanao sy vita fitiliana ; 5 tranga vaovao : 1 Analamanga, 2 Vakinankaratra, 1 Anôsy, 1 Atsimo Atsinanana. 11 sitrana ;
Tsy misy ny namoy ny ainy. 24 tranga misy fahasarotana ankehitriny. Arak'izany mbola misy ary mamely eto amintsika ny valanaretina coronavirus, noho izany, tokony hitandrina hatrany ny rehetra.

Niaina

Mazotoa mihira

2 taona androany 10 ogositra ny RMDM : Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, hira mahakasika tsingerin-taona izay, no atolotra anao androany: Fetinao Androany, hirain'i Narisoa. Koa dia mazotoa mihira ary e!

FETINAO ANDROANY

Fetinao androany
Ho fahatsiarovana
Indramiko ny hira
Ho any aminao
Hisolo tena ahy
Mba hanoroka anao

Ka araho moramora
Izany hirako izany
Fa ho tsapanao ao
Ilay fitia tsy mety lany

Ka ny feoko izay manako
Nataoko hanafosafo anao
Ka ireo tononkirako
Nosoratako ho anao.

Fetinao androany
Ho fahatsiarovana
Indramiko ny hira
Ho any aminao
Ho solom-boninkazo
Izay atolotro anao

Tsy ho hadinoko amin'izany
Ny mivavaka ho anao
Mba ho feno fiadanana
Ilay tokatranonao

Ka ho tojo izay irina
Ho lavitra ny tsetra
Ary ho feno fifaliana
Ny androm-piainanao rehetra.

Fetinao androany
Ho fahatsiarovana
Indramiko ny hira
Ho any aminao
Hisolo tena ahy
Tsy afaka manoroka anao.

Mpihira: Narisoa.

Sakafo Ny Valosoa

Kotoleta ritra sy lasary karaoty indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny vinaigre de cidre

Ny soa azo avy amin'ny vinaigre de cidre, vinaingitra vita avy amin'ny paoma indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manatsara sy manadio ny lalan-kanina izy, manamora ny fandevonan-kanina. Mampihena ny fitehirizan'ny vatana ny siramamy, izany hoe misoroka ny diabeta ihany koa.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Mahazoma, any amin'ny distrikan'i Maevatanana, faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Mahazoma, any amin'ny distrikan'i Maevatanana faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mahazoma, iray amin'ireo kaominina miisa 18 mandrafitra ny distrikan'i Maevatanana ity tanàna ity, amin'ny faritra avaratra andrefan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Mbola tsy tena avo toerana izy satria 81 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isn-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpiompy omby ihany koa ny any Mahazoma.



NY TENY FIAINANA

"Izay milaza fa ao amin'ny mazava izy, kanefa mankahala ny rahalahiny, dia mbola ao amin'ny maizina ihany."

I Jaona 2:9

Raharaha Apollo-21

Misy ady tombontsoa henjana ao an-dapa ao

Araka ny efa fantatra dia nentina teny amin'ny fitsarana Anosy ny alarobia lasa teo ireo olona voampanga fa nifofo ny ain'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, sy olona ambony ao amin'ny fiadidiana ny repoblika. Efa nivoaka taorian'ny famotoran'ny mampanoa lalàna (juge d'instruction) ao amin'ny fitsarana, fa naiditra am-ponja vonjy maika ny voampanga iraika ambinifolo, ka nisy naiditra eny amin'ny fonjan'i Tsiafahy, nisy eny Imerintsiatosika ary ny vehivavy iray any Manjakandriana. Nialohan'io fandalovana teny amin'ny fitsarana io anefa dia efa nivoaka ny fiarovantenan'ny voampanga roa farafahakeliny. Mbola namafisin'ny mpisolovava izany fiarovantena izany, ka tsapa avy amin'izany fa misy ady tombontsoa (conflit d'interêts) henjana ao an-dapa ao. Efa talohan'ity raharaha ity no efa nitranga ny filazana any amin'ny departemanta rehetra any, fa mahazo toerana ao an-dapa ny tsy nitolona, ka manao fiavin'ny tafara. Mahatsiaro ho voahilikilika araka izany ireo nitonontena ho tena nitolona niaraka tamin'ny filohan'ny Repoblika hatramin'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009. Anisan'izany ny mpanakanto Sareraka, sy ny mpandraharaha Rafanoharana Paul, izay samy voampanga fa anisan'ireo nikononkonona izao fifofoana ny ain'ny filohan'ny Repoblika izao. Ny tena zava-doza ho an'ny firenena dia ny filazana fa misy "mafia" sy "mpibizina" ao an-dapa ao. Toa manamarina izany ny tranga rehetra manerana ny Nosy. Tsy azo hadinoina ny raharaha lavanila any amin'ny faritra mpamokatra ity voly fanondrana sy reharehan'i Madagasikara ity. Ny filohan'ny Repoblika mantsy no voampanga, fa tsy mitazona ny teniny satria raha nilaza ho ren-tany, ren-danitra izy, tamin'izany fotoana izany, fa hasondrotra avo telo heny ny vidin'ity vokatra ity dia ny mifanohitra amin'izany no misy, satria dia nidina ho ny ampahatelony izany. Ny fanontaniana dia nahoana no tsy sahy mamotsipotsitra izany Rajoelina Andry raha tsy misy tsikombakomba ao. Tsy ny minisitreran'ny varotra sy ny indostria no nanao ny fanambarana fa izy no filohan'ny mpanatanteraka, ka tsy afaka manilika ny toe-draharaha na amin'iza na amin'iza.

laraha-mahalala fa tsy mbola misy tohiny ny volamena 73,5 kilao lazain'ny manampahefana fa naondrana antsokosoko ka tratra tatsy Afrika Atsimo. Marina fa nisy nampidirina am-ponja kanefa azo lazaina fa toy ireo mpiasa namita iraka rehetra ihany ireo, fa sady tsy tompon'ny volamena no tsy nahazo fahazoan-dàlana nisidina mihitsy raha olona ambony ao amin'ny fitondrana ao no naniraka. Ambonin'izany dia tsapa fa nisy tsindry ara-moraly sy arabatana (pression morale et physique) avy any ambony nihàtra tamin'ny mpitsara, ka misolo vaika ny ankalana (boucs émissaires) ihany ireto nidoboka any am-ponja ireto. Ny mahavariana ihany koa dia nisy vola vahiny tratra niaraka tamin'ny volamena koa azo antoka, fa matoa tsy mety mifarana ity raharaha ity dia mahatsapa ny mpitondra ao Afrika Atsimo, fa matahotra mafy ny hisehoan'ny marina ny mpitondra malagasy. Voaporofo amin'izao raharaha izao, fa tsy mitovy velively ny fampiharana ny lalàna eo amin'ny olompirenena tsirairay izay manamarina fa misy ambonin'ny lalàna lazaina ho mpi-bizina, mba tsy hilazana fa ao anatin'ny tambazotran'ny "mafia". Ity resaka volamena ity dia miteraka disadisa ara-diplomatika eo amin'i Afrika Atsimo sy Madagasikara. Ny filohan'ny Repoblika anefa no tomponandraikitra voalohany eo amin'ny fifandraisana ara-diplomatika izany, ka tokony handray andraikitra izy manoloana ity raharaha ity. Raha tsy izany dia handoto ny sariny eo imason'izao tontolo izao ny tsy fandraisany fepetra ary hanamafy ny tsy fahatokisan'ny mpiray tanindrazana aminy sy ny ekipany. Toa manamafy ny fisian'ny mpi-bizina ihany koa ireny raharaha maloto "bonbons sucettes" sy "écrans plats" ireny, satria ny mpanatanteraka iraka ihany koa no midoboka am-ponja, ka ny iray nesorina tamin'ny toerana naha-minisitra azy fotsiny ary ny faharoa, angamba, atahorana dia tsy voakitikitika. Tsy hay takonana ny fotodrafitrasa mirentirenty mitsangana etsy sy eroa, saingy tsy mahatakona ary tsy hanadinoina ny zava-doza mihàtra amin'ny mpiray Tanindrazana sy ny Firenena anefa ireny.

Andry Tsiavalona

Tsapa fa toa misavoritaka ny ato an-dapa ato.

Basikety tompondakan'i Madagasikara U-14

Vita tany Toamasina anatanterahana ny fifaninanana ny "Réunion technique"

Any Toamasina, Ligy rejiônalin'ny basiketin'Atsinanana, ny 7 ka hatramin'ny15 aogositra 2021, no anatanterahana ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja basikety baolina sokajy U-14 zazalahy sy zazavavy. Ny zoma teo, tao amin'ny amin'ny efitra : « salle de réunion Commune Urbaine Toamasina », no nanatanterahana ny «Réunion technique » amin'ny fifaninanana. Efa fantatra avokoa ireo ekipa handray anjara amin'ny fifaninanana, Sokajy zazalahy, ekipa 29 : -Ascut, Ebba,Veb, Acmb ary ny Crjs samy avy amin'ny ligin'Atsinanana. -Ase, Mb2All, Asa, Assm, Bcna, Bcr, Cosfa, Dtsc,Akbb ary ny Jcba (Analamanga). -Bci 104, Ffpro, Bctm, Sbc

ary Serasera (Vakinankaratra). -Bcm Zo, Mbf Bbcm (Menabe). -Ebf (Matsiatara Ambony). -Ny Asbm (V7V). -Pintade (Amoron'i Manaia), -Bas (Bongolava). -2Bc Fbc (Analanjirofo). -Bcest (Atsimo Andrefana). Sokajy zazavavy, ekipa 19 : Ascut, Veb (Atsinanana). Asf, Mb2All, Asa, Assm, Bcna, Cosfa, Bfft, Sac ary ny Cbbt (Analamanga). Phoenix Bira (Vakinankaratra). Bcm Zo (Menabe). Espa (Matsiatra Ambony). Bcsja (Boeny) – Asbm (V7V). – Cosca sy Pintade (Amoron'i Mania).

Rainilita

Basket Critérium U-12 2021

Ny Crjs Atsinanana sy Asf Analamanga no nahery

Ny ekipan'ny Crjs Atsinanana zazalahy sy ny Asf Analamanga zazavavy no nahery, ka nibata ny amboara tamin'ny hetsika basikety Critérium U-12 taona 2021. Vita tamin'ny sabotsy 07 aogositra 2021 lasa teo teny amin' ny kianja "Gymnase Akamasoa Andralanitra" ireo lalao famaranana tamin' izany hetsika izany . Vokatra azo : Sokajy zazalahy : ASSM 52 # 54 CRJS. Sokajy zazavavy : AST 19 # 23 ASF. Nahazoana fanomezana isantsokajiny avy amin'ny M-Vola Telma ihany koa ny ny hetsika "Show SMK Obus School", sy ny fifaninanana "tirs à mi-distance" sy "skills challenge» natao tamin'izany famaranana izany, sy ireo mpilalao mendrika ny fifaninanana ary ireo mpilalao mpampidi-baolina be indrindra tamin'ny critérium U-12 2021.

Rainilita

Teny amin'ny Akamasoa Andralanitra.

Lalao Olympika Tokyo 2021

Etazonia no laharanaa voalohany nahazo medaly be indrindra

I Etazonia no laharana voalohany tamin'ny lalao Olympika Tokyo 2021, nahazo medaly be indrindra. Nifarana tamin'ny alahady 08 aogositra 2021 lasa teo ny fifaninanana arapanatanjahantena lalao Olympika Tokyo 2021, ka nahazoana ny laharana ankapobeny farany tahaka an'izao : 1°-Etats-Unis d'Amerique (volamena 39, volafotsy 41, alimo 33, totaliny 113) 2°-Chine (volamena 38, volafotsy 32, alimo 18, totaliny 88) 3°-Japon (volamena 27, volafotsy 14, alimo 17, totaliny 58) 4°-Grande-Bretagne (volamena 22, volafotsy 21, alimo 22, totaliny 65) 5°-Roc (volamena 20, volafotsy 28, alimo 23, totaliny 71) 6°-Australie (volamena 17, volafotsy 07, alimo 22, totaliny 46) 7°-Pays-Bas (volamena 10, volafotsy 12, alimo 14, totaliny 36) 8°-France (volamena 10, volafotsy 12, alimo 11, totaliny 33) 9°-Allemagne (volamena 10, volafotsy 11, alimo 16, totaliny 37) 10°-Italie (volamena 10, volafotsy 10, alimo 20, totaliny 24).

Rainilita

Lalao Olympika Tokyo 2021.

BETAMPONA, AMBODIBONARA, MAHANORO

Tsy hisotro rano tsy ara-pahasalamana intsony ny mponina

Tsy hisotro rano tsy ara-pahasalamana intsony ny mponina any Betampona, kaominina Ambodibonara distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana. Notokanana ny faran'ny herinandro teo ny foto-drafitrasa rano fisotro madio any an-toerana, fiaraha-miasan'ny depiote voafidy tany Mahanoro Rakotoson Hubert na depiote Sàlo, ny fikambanana AMB: Association Madagascar Bretagne any Frantsa ary ny kaominina Ambodibonara. Mitentim-bidy 120 tapitrisa Ariary izao foto-drafitrasa izao, izay ahitana sinibendrano lehibe sy paompindrano miisa 9, mamatsy ity fokontanin'i Betampona ity. Mponina miisa 8500 eo any an-toerana no hisitraka izao zava-bita izao. Mbola hihitatra any amin'ny toerana hafa any Mahanoro izao fanomezana rano fisotro madio ny mponina, fiarahamiasa amin'ny AMB izao, hoy ny depioten'i Mahanoro Rakotoson Hubert, na depiote Sàlo. Faly ny mponina any Betampona Mahanoro, satria tsy haka rano any amin'ny 1 km intsony, ary hampiasa rano fisotro madio ara-pahasalamana amin'izay, tsy ho tratra ny aretina samihafa toy ny aretim-pivalanana, ny bilharziose intsony. Natolotra ofisialy tamin'izao lanonana izao koa ny EPP any Betampona Mahanoro, ny tsena any an-toerana ary ny fahazoan'izy ireo jiro avy amin'ny masoandro.

Aly

Bakalorea 2021

Azo lazaina ho nilamina ny andro voalohany

Andro voalohany tamin'ny fanadinana bakalorea ny andron'ny omaly alatsiainy ho an'ireo amin'ny sokajy ankapobeny sy teknika manerana ny Nosy. Nitsidika ireo ivon-toeram-panadinana vitsivitsy teto an-drenivohitra toa an'ny Lycée JJR, Lycée Andoharanofotsy, Saint Michel Amparibe ny Ministitry ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa niaraka tamin'ny Filohan'ny Oniversite an'Antananarivo, nijery ny fizotry ny fanadinana.

Nanome toromarika ireo tompon'andraikitra isaky ny ivon-toeram-panadinana ny Minisitra Assomacou Beatrice, tsy adinony ihany koa ny nirary soa ireo mpiadina.

Hatreto aloha dia mbola tsy nahitana olana, fa nizotra ara-dalàna ny fanadinana tamin'ireo notsidihany ireo. Toy izany ihany koa manerana ny Nosy, nilamina amin'ny ankapobeny ity fanadinam-panjakana ity.

Niaina

Antananarivo Renivohitra

Hiakatra fitsarana indray i Clémence anio noho ny fitorian'ny CUA

Ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, Cléménce Raharinirina.

Disadisa eo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny mpanolotsainan'ny tanàna, Clémence Raharinirina, hiakatra fitsarana anio i Clémence Raharinirina, mpanolotsain'ny tanàna voafidy tamin'ny anaran'ny IRK, noho ny fitoriana nataon'ny CUA. Marihana fa efa in-5 niakatra fitsarana izy tao anatin ny 11 volana, raha zohiana, dia ny Bén'ny tanàna, Vazahabe, Naina Andraintsitohaina, no nitory azy.

Tamin'ity raharaha farany ity, dia nampangaina ho tompon'antoka tamin'ny fanakorontanana mpivarotra teny Behoririka izy tamin'ny 22 jolay lasa teo, raha toa ka nanatitra ireo taxi izay noesorina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ny tenany, araka ny filazany.

Misaotra ny Bén'ny tanàna moa ny tenany, ary misaotra ihany koa ireo namany mpanolotsaina nanampy azy sy nanohana azy, tsy adinony koa ny antokoTIM izay nanolotra mpisolovava azy nandritry ireo fitsarana azy, ary misaotra ny Me Willy Razafinjatovo koa izy, nanolotena hiaro azy amin'ity raharaha anio ity.

Stefa

FJKM Ziona Famonjena Imerintsiatosika

Ho vitaina ao anatin'ny dimy volana ny « Gradin » ny fanitarana

Nisongadina tao anatin'ny fetin'ny taranaky ny Fjkm Ziona Famonjena Imerintsiatosika, synodamparitany Arivonimamo vaovao ny alahady lasa teo, ny famitana ny "gradin" 'ny fanitarana ny fiangonana ankehitriny. Raha tsiahivina, tamin'ny taona 2020 no natomboka ny hady fototry ny fanitarana ary niroso ny asa. Ezaka "gradin" indray izao no tanjona alohan'ny hametrahana ny rihana raha ny fanazavan'ny komitin'ny fanitarana teny an-toerana ny alahady teo. satria efa tafakatra ny rindrina vita vato. Nandritry ny fetin'ny taranaka no nisongadina, fa tsy maintsy vita ny fanitarana raha ny nambaran'ny komity ary noporofoin'ny zanaka ampielezana sy ny reni-fiangonana tamin'ny valopin'ny taranaka izany ny alahady lasa teo, ka taranaka tarika valopolo mahery no tonga niombom-bavaka sy nifanome tànana tamin'izany. Tao ireo nanolotra vy, ciment sy lelavola ihany koa. Miroso ny asa, ary tsy maintsy tratra ny tanjona raha ny nambaran'ny tompon'andraikitra ihany, satria matotra ny fiarahamiasa eo amin'ny renifiangonana sy ny zanaka ampielezana. Nahatratra roa arivo mantsy ireo mpino kristianina no tonga niombom-bavaka teny an-toerana ny alahady lasa teo. Amin'ny faha-29 Aogositra ho avy izao dia hisy ny hetsika iarahana amin'ny TDL, ka ny vola azo amin'izany dia hoentina hamitana hatrany ny fanitarana ny fiangonana Ziona Famonjena Imerintsiatosika. Nisaotra sy nankasitraka ireo mpino kristianina sy ny zanaka ampielezana ny mpitandrina teo antoerana, Rasoanaivo David, tamin'izao hetsika izao sy ny ho tohiny manaraka.

Rajo

Association « Madagascar ITF Dojang Heng De »

Mitaiza vatana, saina ary fanahy ny Taekwon-do

Nomarihan'i Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky izay « Instructeur international » eo anivon'ny Association « Madagascar ITF Dojang Heng De ary anisan'ireo namorona ny fikambanana, fa tsy afa- misaraka ny fitaizana sy fikoloana ny vatana, saina ary ny fanahy rehefa mikatroka ny Taekwon-do.

Anisan'izany ny fitandroana ny fifanajana sy ny fitsipika mifehy, mba hananana ny fifehezan-tena eo amin'ny tsirairay. Takiana amin'ireo mpikatroka ihany koa ny fananana faharetana rehefa miatrika tranga sarotra. Mila mahay mifehy ireo karazana fihetseham-po maro tsy misaraka amin'ny Olombelona ihany koa ireo mpikambana, mba hahafahana miatrika ampahatoniana sy ampiheverana ary ampisainana ny zavamisy. Tsy adinon'ireo mpitarika ny mampianatra teny vahiny ireo mpikatroka toy ny teny anglisy, mba tsy hanana olana izy ireo rehefa miatrika ny fifaninanana iraisam-pirenena, hoy hatrany ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky. Ity farany izay efa niatrika fiofanana maro tany ampitan-dranomasina, niompana tamin'ny lafiny teknikan'ny taranja Taekwon-do. Singanina amin'ireny ny niatrehany ny fampiofanana notarihan'i Profesora Ri Yong Son, tany Vienne Autriche. Tsy tapaka manaraka ny fiofanana any Chine ihany koa ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky. Ity farany izay nanamarika fa mora mandray ny fampianarana manodidina ny haiady Taekwon-do ny Malagasy. Ny fikambanana « Madagascar ITF Dojang Heng De », izay efa misandrahaka any Antsirabe sy Toamasina ankehitriny.

Lalasoa R.

Ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao: Nilaza ny filoha Rajoelina, Andry fa nahazo antso avy tamin'Andriamanitra … sarotra be ny miditra @ izany satria : anao sy IZY izany.

ISAN'ANDRO ISAN'ANDRO anie ka kristianina antapitrisany no miresaka ARY mahazo antso avy @ Andriamanitra e!

Omeo sehatra ao @ TVM-RNM na eny @ kianja ny vahoaka ahafahany mijoro ho vavolombelona dia ho hitanao, fa tsy présomption d'innocence intsony ny famaky mikapa :

-ny ain'ny mpianatra nitaky ny vatsim-pianarany,
-ny gadra maty tany Mananjary izay notifirina avy any andamosina,
-ny poketran'ny malagasy,
-ny insécurité,
-ny fitsaboana,
-ny fampianarana,
-ny JIRAMA,…

Raha tsiahivina tamin'ny taona 2009 : firenena efa niharina no norobainareo MAPAR; la caisse de l'état n'était pas vide ARY misy porofo mipetraka izany.

Taona 2019 : manaova débat télévisé @ HVM dia hita eo raha namela mafaitra anareo ry zareo na tsia … mahasahy ve nareo MAPAR amin'izany?

Taona 2021 : izao tontolo izao mahalala fa GISITRA Madagasikara!... iza no mitondra ? Rajoelina sy ny forongony no maha-gisitra antsika toy io.

Hanao ahoana re ianareo ireo rehefa tonga @ taonan'i Président RAVALOMANANA e ?

Nirina Rangodona
Tsianolondroa, Fianarantsoa

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 07/08/2021 hatramin'ny 14/08/2021

- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1193-08-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ACS MADAGASCAR

Afaka mampiaina ny toekarena ny vidin'ireo andramena efa tapaka

Tokony hamidy ireo andramena nogiazan'ny fanjakana tao anatin'ny fotoana maharitra, hoy ny mpikambana ao amin'ny Acs (Amicale des anciens conseillers supérieurs de la transition et Sénateurs de Madagascar), tetsy amin'ny biraon'ny Acs Mahamasina ny herinandro teo. Nilaza Andriamatoa Jules Randriamaholison, Sekretera Jeneralin'ny Acs, fa mitentina 4 miliara Ar ny tetibidin'ireo Andramena ireo raha toa ka lafo ary ahafahan'ny fitondram-panjakana manangana Banky Malagasy, ho an'ny famokarana sy ny fampandrosoana, no sady manampy tosika ny mpandraharaha, ireo orinasa madinika sy salantsalany , ny tantsaha amin'ny alalan' ny famoronana asa eto Madagasikara. Nanohy fanazavana ity mpitondra tenin'ny Acs ity, fa mampihena ny vidim-piainana amin'ny alalan'ny fanafarana an'ireo entana ilaina amin'ny andavanandro ho an'ny vahoaka ny vola azo amin'ny Andramena ary manatsara ny ady amin'ny fisian'ny Kere any an-tsimo, sy ireo olana ara-tsosialy. Nilaza izy, fa tokony hamelomana ny 'Rafinnerie' any Toamasina sy hamerina an'ireo orinasa "Solitany Malagasy Solima" ny fitondram-panjakana amin' ny alalan'ny vola azo avy amin'ny Andramena, mba hahafahana mamatsy solika mivantana an'ireo Andrimpanjakana, Ministera, ireo orinasam-panjakana maro samihafa, mba hahafahana mampihena ny vidin'ny solika eto Madagasikara. Nanamafy ny mpikambana eo amin'ny Acs, fa hangataka fihaonana amin'ny solontenan'ny "Cites" sy ny Banky iraisam-pirenena, mba handresena lahatra an' ireto farany amin'ny fomba hampiasana ny vola azo amin'ny Andramena, hahafahana miady amin' ny fahantrana eto Madagasikara izy ireo. Namarana ny fanehoan-keviny ny Acs manoloana ny raharaha fikasana sy famonona ny olom-panjakana ambony, fa tokony hitady vahaolana amin'ny alalan'ny fifampidinihana ny mpisehatra politika, mba hisorohana ny fandatsahana ain'olona.

Franck Razakambelo

Ireo anisan'ny mpitarika ny ACS.

Fitaterana an'habakabaka

Mbola mikatona ny sisintany, tena sahirana ireo mpandraharaha-han'ny fizahantany

Tao aorian'ny tafa mivantana tamin'ny vahoaka Malagasy nataon'ny filoha Rajoelina ny alahady lasa teo, tao amin'ny RNM sy ny TVM, mbola mikatona aloha ny sisintanin'i Madagasikara. Noho izay antony izay, tena sahirana ireo mpandraharaha momba ny fizahantany eto amintsika. Nambara tamin'izny kosa anefa fa hisy ny sidina fampodiana ireo teratany Mlagasy, miainga avy any Paris mankaty Antananarivo, miisa 4 izany amin'ireto daty manaraka ireto: alahady 22 aogositra 2021. Sabotsy 28 aogositra 2021. Alahady 12 septambra 2021. Alahady 19 septambra 2021.

Ireo fepetra takiana hahafahana mandeha amin'ireo sidina fampodiana ireo:

Manana pasipaoro malagasy;
Manana adiresy mazava tsara eto Madagasikara;
Manana taratasy manamarina, fa efa tokony hody eto Madagasikara, rehefa nanana anton-dia mazava tany ivelany;
Nahavita test PCR (négatif) talohan'ny niaingana sy eo am-pahatongavana;
Manaiky ny hanao fihibohana any amin'ny hotely, na eny amin'ny Centre de loisirs CNAPS Vontovorona.

Amin'ny maha-sidina fampodiana azy, dia tsy manana fahafahana hivoaka an'i Madagasikara ireo rehetra nandeha ireo sidina ireo, mandram-pisokatry ny sisintany.

Ny fisoratana anarana dia azo atao eny amin'ny ministeran'ny Raharaham-bahiny sy any amin'ny masoivohon'i Madagasikara any Paris, na any amin'ireo masoivoho malagasy any amin'ny firenana hiaingana.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 360



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0359)

Mitsivalana
- Sinoa – Ha
- Vera (miv)
- Menarana
- BNI – Sida
- (miv)
- Aina – Na
- Faly
- Adinonao

Mitsangana
- Sambava
- Ireny
- Neninay
- Ova
- Rà – Fo
- Nandao (miv)
- Niala
- Saka (miv) – io

TENY MIFANARAKA N° 360



Mitsivalana

1. Paika sy tetika amin'ny fitondrana **2.** Aloa vola – Tsofoka **3.** Kilasy **4.** Rora-bava – Tovona **5.** Vokatry ny tany samihafa **6.** Vatany (miv) – Mpanoritra **7.** Fihazonana fitaovana (miv) – Olon-tiana **8.** Manaintaina amin'ny fery – Dadany **9.** Kianteny (miv) – Mpilatsaka ho fidiana **10.** Milaza fananana (miv) – Ao amin'ny fitiavana (miv)

Mitsangana

A. Mpitandro filaminana – Ataon'ny mpilomano sy ny mpitondra lakana **B.** Vorona (miv) – Kere **D.** Fananahana **E.** Hira tsy misy lohany – Tsirin-teny Iharana – Faranteny **F.** Paika sy tetika **G.** Tovana – Solfa (miv) – Vizana **H.** Soa sy tsara – Foto-tenin'ny amidy **I.** Fanampin'anarana (miv) **J.** Manapaka **K.** Biby fiompy – Litera mitovy – Hita ao amin'ny tafo

Valiny Teny mifanaraka 0359

Mitsivalana

1. Desambra 2. Saha (miv) - Ao - An 3. Gitara (miv) 4. Avoaka - Ana 5. Banga - Ivat(o) 6. Entona 7. Kasika - Oh 8. To - Kofehy 9. Androy - En 10. Atao (miv) - Latsa

Mitsangana

A Dadabe - Tao B. Eh - Vankona D. Samonta - DT E. As - Soga (miv) - Rà F. Akaniko G. Bara - Lioka (miv) H. Roa - Fa (miv) I. Tavy J. Aina - Seho (miv) K. Angatahina

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanomanana ny hetsika fankalazana ny faha-2 taonan'ny RMDM izay hankalazaina anio etsy amin'ny Magro Behoririka.

Fanetsehana ny fototry ny TIM tany Arivonimamo nataon'ny Birao politika.